MARTSA 2021 | NO.11

# RENIALA

FAPBM

GAZETY ISAM-BOLAN'NY TAHIRIM-BOLA HO AN'NY FARITRA AROVANA SY NY ZAVA-BOAHARY ETO MADAGASIKARA

## TOMBANA ARA-BOLA IREO FARITRA AROVANA

### Fifanakalozan-kevitra voalohany momban'ny harin-karena voajanahary eto Madagasikara




(c) FAPBM

Ny FAPBM dia nandray anjara tamin'ny fifanakalozan-kevitra voalohany momba ny taokaonty sy ny fanombanana ekonomika ny harin-karena voajanahary. Serge Ratsirahonana, mpiandraikitra ny fanaraha-maso sy ny fanombanana no nisolo tena ny FAPBM. Teo ambany fihahian'ny Ministeran'ny tontolo iainana sy fampandroasana lovainjafy (MEDD), izany hetsika izany dia nokarakarain'ny WWF Madagascar sy ny USAID Hay Tao, ary notanterahina teto Antananarivo ny 18-19 martsa. Solon-tena avy amin'ny ministeran'ny angovo sy ny harena ankibon'ny tany (MEM), ny toe-karena sy ny fitantanam-bola (MEF) ary ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa (MinSuprES), mpisehatra , eto an-toerana sy avy any ivelany, avy amin'ny tontolo iainana, fampandrosoana maharitra ary vondrona tsy miankina, dia samy nanatrika avokoa. Tratra arak'izany ny tanjon'ny WWF ny ampa-marolafy ny adi-hevitra.

Fizarana enina (6) no nandrafitra ny adi-hevitra :

1. Fanambarana ny zava-misy;
2. Fikajiana sy fanombanana ny harin-karena voajanahary;
3. Harin-karena voajanahary sy tolotra omen'ny tontolo iainana ;
4. Harin-karena voajanahary sy fitantanana maharitra;
5. Harin-karena voajanahary sy sehatra tsy miankina;
6. Fizarana hafa manodidina ny fitantanana maharitra ny harin-karena voajanahary.

Teo am-pamaranana, dia natsangana ny ivon-toerana miandraikitra ny fampiharana sy ny fanarahana ireo fanapaha-kevitra naroso. Raha nanakatona ny hetsika tamin'ny fomba ofisialy Rtoa Minisitrin'ny MEDD dia nanentana ny fiara-miezaky ny rehetra, notsipihiny fa ny fahombiazana iombonana dia tsy vangongom-pahombiazanan'ny tsirairay.

Ny adi-hevitra dia afaka arahina manontolo ato :
Andro 1 : https://fb.watch/4phyXe85xE/
Andro 2 : https://fb.watch/4phBqo7t9S/

#### Fanofanana momba ny fanombanana ny harin-karena voajanahary

Ny adi-hevitra dia nialohavana fiofanana ny 16 - 17 Martsa 2021 izay niompana tamin'ny fanombanana (NCV) sy ny fanomezan-danja (NCA) ny harin-karena voajanahary. Natao indrindra izany ho an'ireo teknisiana sy siantifika misehatra eo anivon'ny fiarovana ny tontolo iainana, fampandrosoana maharitra ary sehatra tsy miankina. Ireto avy ireo lohahevitra nodinihina :

1. Fanolorana ny fitaovam-piasana CECN (Taokaontin'ny tontolo iainana ho an'ny harin-karena voajanahary)
2. Torolalana manodidina ny fanombanana ny harena voajanahary (NCV)
3. Tombana sy fandrasaisana fanapahan-kevitra (C3EDM)
4. Fanolorana ny Science-Based Targets for Nature initiative

#### Ny harin-karena voajanahary sy ireo tolotra azo avy amin'ny tontolo iainana

Ny fizarana faha-3 manodidina ny harena sy ireo tolotra azo avy amin'ny tontolo iainana dia notarihan'i Alain Liva Raharijaona, Tale mpanatanteraka ao amin'ny FAPBM. Indro ireo votoati-kevitra : fanomezan-danja ara-bola ireo faritra arovana amin'ny alalan'ny fitondrana tsara tantana (MNP), fanombanana ara-bola ny tolotra azo avy amin'ny tontolo iainana ao Makira-Masoala (WCS), lanja ara-toekarenan'ireo faritra arovana (FAPBM).
Ny FAPBM dia nanolotra vokatra sava-ranon'ando ny fikarohana natao momba ny tombana ara-bolan'ireo faritra arovana. Adisisika ny amin'ny hikaontina ny faritra arovana ho isan'ireo harin-karena voajanahary nasionaly no natao. Ka nampahafantarina tamin'izany ireo tahan'isa voalohany manombana ny tolotra azo avy amin'ny tontolo iainana, toy ny rano, ny fitahirizana ny karbaonina, ny fizahan-tany ary ny angovo. Noraisina ho ohatra ny faritra arovana Mahavavy-Kinkony, Antrema, Ankarafantsika, Ranomafana ary Andasibe.

# AGNALAZAHA

## Iraka fanaraha-maso sy tomban'ezaka Nato ny 22-28 Febroary 2021



(c) FAPBM

Nanao fanaraha maso sy tomban'ezaka ny FAPBM tao amin'ny faritra arovana vaovao, Agnalazaha, iandraiketan'ny Missouri Botaniacal Garden (MBG), ny volana febroary 2021. Fitsidihana faha-3 nataon'ny FAPBM tao Agnalazaha izany. Ny voalohany dia natao ny taona 2019, iraka fitsirihana (due diligence) nialoha ny fanomezana ny famatsiam-bola offset-n'ny QMM.

Tamin'ity taona ity, ny fitsidihana dia niarahana-natao tamin'ny QMM. Ireo mpiandraikitra ny fanaraha-maso sy ny fanombanana, ny fitsirihana ara-bola anatiny, ny famatsiam-bola ary ny ny serasera no nandrafitra ny ekipan'ny FAPBM. Nanaramaso ny fanatanterahana ireo asa nokasaina no tanjona. Izany dia voasoritry ny drafitra sy ny fifanarahana ara-bola. Nijery mivantana ireo ezaka fanenana sy fanonerana ny fiantraikany ny fiarovana ny zava-boahary amin'ny fiaraha-monina, ary nanaraha-maso ireo tondro (QR – Qualité hectare sy DU – Indice de Distribution) imifandraika manokana amin'ny famatsiam-bola offset.

Araka ny zavatra hita teny an-toerana, dia nitombo ny isan'ny faritra nolalovan'afo ny taona 2020, indrindra nandritra ny vanim-potoan'ny hamehana ara-pahasalamana. Manano-sarotra ny famerenana amin'ny laoniny ireo ala, satria iva dia iva ny tahan'ny faha veloman'ny zanak'hazo (10%).

Raha nihaona tamin'ireo vondron'olona ifotony, dia hita fa mbola tsy azo tsapain-tanana ny akon'ny tetik'asa fampandrosoana eo amin'ny farim-piainan'izy ireo. Ny sasany amin'ny ireo asa fivelomana napetraka tamin' 2020 ohatra dia efa tsy nataon'izy ireo intsony. Ny FAPBM dia mamporisika hatrany ireo mpitantana ny amin'ny hametrahana lalam-barotra voadinika tsara ho fahombiazana ireo asa fivelomanana.

## Varavana misokatra amin'ny fikambanana Viavy tsy tambo (Agnalazaha)

Feom-panoto mifanjoy sy mitovy. Tovovavy kely, mitoto mahampy. Zava-maniry hita ao anatin'ny faritra arovana Agnalazaha, ny mahampy dia akora fototra ilaina amin'ny fandrariana tsihy, kitapo, satroka ary tao-zavatra isan-karazany any amin'ny faritra atsimo. Ny fandrariana dia hay tao nolovain'ireo vehivavy avy any amin'ny faritr'i Manakara, ary rehareharan'ny fianankaviana Antesaka.

Mba hanenàna ny fidirana antsokosoko ao anatin'ny valan-java-boahary, MBG, izay mpiadidy ny faritra arovana, dia namporisika ireo fianakaviana hamboly mahampy eny amin'ny sahan'izy ireo. Izany dia natao mba hanan'izy creo akora tsy tapaka sady hamehezana ihany koa ny fivezivezena anatin'ny faritra arovana. Ny MBG, dia mbola nanome ihany koa fihofanana ho an'ny fikambanana, Viavy tsy tambo, izay nivondronan'ireo vehivavy mpandrara. Noho izany, dia afaka nanatsara ny asan-tanany, mampitombo ny karazan-bokatra, ary nameno ny fenitrin'ny kalitao ho an'ny tsena iraisam-pirenena. Farany, ho fahombiazan'ny fanampiana, MBG dia nampifandray ny fikambanana tamin'ny rafitra Blessing Basket, izay mizara sy mivarotra ireo vokatra any Etazonia.

Ny fandrariana mahampy dia nanampy be tamin'ny "fanafahana" ny vehivavy tao Agnalazaha. Izany hoe nohon'ny fandraisana anjara mavitrika amin'ny fampidiram-bola ao an-tokan-trano, dia sahy maneho hevitra sady mandray anjara bebe kokoa amin'ny fanapahan-kevitra an-tokantranony na eo anivon'ny mpiara-monina ny vehivavy. Mety mahazo hatramin'ny 600 000 Ar isakin'ny varotra ny mpandrary, raha "containers" roa isan-taona eo no hahondrana makany Etazonia. Ny vola fanampiny entiny ny vehivahy amin'ny tokan-tranony dia anisan'ny mampihena ny fanimbana ny ala eo amin'faritra arovana. Araka ny voalaza ny tompon'andraikitra, dia nihena ny tavy sy ny fanaovana saribao.

Efa miisa 250 ny mpikambana ao amin'ny fikambanana Vaiavy tsy tambo ankehitriny. Miezaka hatrany izy ireo mikaroka lalam-barotra. Mitady ihany koa izy ireo mpamatsy na akora mety hasolo ny hoditra sy loko, izay tsy maintsy vidiny any Antananarivo matetika.

Raha te-hifandray amin'ny faritra arovana ao Agnalazaha : fidy.ratovoson@mobot.mg



(c) MBG/Agnalazaha



(c) FAPBM

# FIOVAN'NY TOETR'ANDRO

## Ny FAPBM mientana ho an'ny tahirim-bola maintso ho an'ny toetr'andro (FVC-Fonds vert pour le climat)



(c) Getty images/ Forêts de Masoala

Amin'ny maha nosy azy, Madagasikara dia ambanana fiovana ara-toetr'andro goavana. Ny faritra arovana no vaha-olana tsara indrindra hiatrehana ary hanalefahana ireo akon'ny fiovan'ny toetr'andro. Anisan'izany ohatra ny faritra arovana any amin'ny morontsiraka Andrefana sy Avaratra-Atsinanana (Loky Manambato, Antrema, Baie de Baly ary CMK, Kirindy Mitea ...) izay manana velarana lehibe mitahiry honko. Izy ireny dia manome fiarovana manoloana ny haintany, ny tondra-drano ary ny rivodoza. Resy lahatra fa ny faritra arovana dia vaha- olana mifototra amin'ny natiora (nature-based solution), ny FAPBM dia manatevin-daharana ny ady atao amin'ny fiovan'ny toetr'andro.

### Nangataka ho anisan'ireo rafitra voantodro hitantanana ny famatsiana avy amin'ny FVC ny FAPBM

Ny FVC dia manampy ireo firenena an-dalam-pandrosoana amin'ny fametrahana tetik'asa hiadiana amin'ny voka-dratsin'ny fiovan'ny toetr'andro. Ny BNCCREDD+ (Birao Nasionalin'ny Fiovan'ny toetr'andro sy ny REDD+) amin'ny maha masoivoho nasionaly notendren'ny MEDD azy dia manao ny fanombanana sy fanambarana ny lisitry fohy, mametra ireo izay afaka misitraka izany. Ny tanjon'ny FAPBM dia ny hanokatra lalam-pamatsiam-bola ho an'ny faritra arovana ary ihany koa hanitatra ny asa tohaniny eny anivon'izy ireo.

### Fanarahana ny politika nasionaly ho an'ny fiovan'ny toetr'andro

Ny FAPBM dia nandray anjara tamin'ny atrik'asa nokarakarain'ny MEDD-BNCREDD+ sy ny Conservation International nanolorana ny tetikasan'i Madagasikara momba ny CBIT, ny 2 febroary 2021 teto Antananarivo. Ny tetikasa CBIT Madagascar dia mikatsaka ny fampandrosoana sy ny fanamafisana ny hai-taon'i Madagasikara ny amin'ny fampiharana ireo singan'ny fangaraharana araka ny Accord de Paris.

Natao ho an'ny sehatry ny ala sy ny zava-boahary, ny famelabelarana ka nampivondronana ny mpikajy ny faritra arovana sy ireo mpiara-miombin'antoka ara-teknika sy ara-bolan'izy ireo. Tao aorian'io hatrik'asa io, ireo mpisehatra nasaina dia tokony handray anjara amin'ny angon-tahirin-kevitra ho fanarahan-maso ny vokatr'ireo ezaka natao ho fanoherana ny fiovan'ny toetr'andro. Namporisihana ny tsirairay hifandahatra amin'ny politika nasionaly. Ireo ady hevitra ireo, izay natrehin'ny mpiandraikitra ny famatsiam-bola, Ranto Randriantsoa, dia ahafahan'ny FAPBM manitsy ny politikany mahakasika ny fiovan'ny toetr'andro.

### Fandraisana anjara amin'ny fakan-kevitra nasionaly handrafetana drafitr'asam-pirenena ho an'ny tahiry maintso ho an'ny toetrandro

Ny FAPBM dia nandray anjara tamin'ny fakan-kevitra nasionaly ho fandrafetana drafitr'asam-pirenena iray ho an'i Madagasikara, mialoha ny andefasana azy any amin'ny FVC, natao tao Antananario ny 18 - 19 Martsa. Io drafitr'asam-pirenena io dia mandrafitra ny tetik'asa sy fandaharan'asa tokony ho laharam-pahamehana ho an'i Madagasikara. Atao mifanaraka amin'ny masontsivan'ny famatsiam-bolan'ny FVC sy ny vaindohan-draharaha nasionaly. Nokarakarain'ny BNCC-REDD+, io atrik'asa io ka nampivondrona mpisehatra marolafy. Ny fakan-kevitra dia nahafahan'ny FAPBM nahalala ny andinindininy mahakasika : ny fomba famatsian'ny FVC vola, ny anjara asa sy ny andraikitry ny mpisehatra isan-karazany, ireo karazana famatsiam-bola natokana ho an'ny faritra arovana atolotrin'ny FVC. Fotoana iray ihany koa io nahafahana niserasera tamin'ireo mpisehatra ny amin'ny maha zava-dehibe ny faritra arovana eo amin'ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro satria sady miady no manalefaka ny vokatrin'ny fiovan'ny toetr'andro ny faritra arovana, no mbola miantoka ihany koa ny fiveloman'ireo vondron'olona ifotony ary mihoatra izany aza. Ranto Randriantsoa, mpiandraikitra ny famatsiam-bola, no nisolo tena ny FAPBM.



(c) FAPBM / Forêts de Makira

## 21 martsa: Andro iraisam-pirenena ho an'ny ala


(c) FAPBM

Ho fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny ala, dia nanatrika ny hetsika nokarakarain'ny MEDD tao amin'ny tobin'ala Ambatofotsy ny ekipan'ny FAPBM. Evah Ralalarisoa, mpiandraikitra ny fitsirihana antiny, Roda Operman, mpiandraikitra ny serasera ary Rina Rabeony, avy amin'ny Lemurs portal, no nisolo tena ny FAPBM. Lanona ara-miaramila no nanomezam-boninahitra ny fahafoizam-po sy ny fandavan-tenan'ireo mpiasan'ny rano sy ala. Manoloana ny tsindry mihatra amin'ny faritra arovana, matetika izy ireny no tandindonin-doza. Fikarakana hazo no namarana ny fankalazana, nandritra izany, navoitran'ny Minisitra ny maha zava-dehibe ny fandrantsanana ao arian'ny fambolen-kazo.

Mihoatra ny 95 000 Ha-n'ny ala ara-boajanahary eto Madagasikara no very isan-taona, izany hoe 1,1% no taham-pandripahana ala. Io taha io dia 0,42% ao amin'ny faritra arovana vatsian'ny FAPBM vola ny taona 2019. Ny famerenana ireo velarana nanjavona na simba manodidina ary ao anatin'ny faritra arovana no vaindohan-draharaha raha hamerina andrafitra ireo toeram-ponenana voajanahary. Izany dia Alaina mba ahafahan'ireo ala manome ireo tolotra fototra iorenan'ny fiainan'olombelona. Ireo mpikajy ny faritra arovana dia miasa amin'ny lafy roa : fambolen-kazo sy fanarenana ala. Amin'ny taona 2021, dia 4% ny famatsiam-bola ny FAPBM dia natokana ho an'ny fanarenana ala ho an'ny faritra arovana.

## LEMURS PORTAL: "Vaovao tsara amin'ny fotoan-tsarotra", tongasoa Microcebus jonahi


(c) FAPBM

Ny horonantsary momba ny nahitana ilay karazam-barika vaovao Microcebus jonahi dia navoakan'ny fikambanana GERP tamin'ny fomba ofisialy ny 12 martsa. Efa an-taonan'ny maro no nikarohana azy io. Ny fandavan-tena sy ny fahasahian'i Pr Jonah Rastimbazafy dia nisongadina nandritr'izany fikarohana izany. Arak'izany, ireo mpikaroka dia nisafidy tsy nisy ankanavaka ny hanomezana ny anarany ity varika vaovao ity, izy raha teo dia fantatra fa tena mpiaro sy mpitondra tenin'ireo varika.
Ny Microcebus jonahi dia manampy isa ny fianakaviamben'ny Antsidy (Microcèbe) izay anisan'ny varika kely indrindra eto an-tany miaina ao amin'ny valan-java-boahary nasionaly ao Mananara avaratra. Ny fahitana io karazam-barika vaovao io dia "vaovao tsara amin'izao fotoan-tsarotra izao". Ary indrindra ihany koa masoandro mihiratra ho an'ny tontolon'ny fikarohana, tao aorian'ny fivoahan'ny lisitra menan'ny UICN ny taona 2020 izay maniatar fa 98%-n'ny varika dia tandindonin-doza ka ahiana ho lany tamingana.

Anisan'ny mpiara namorona ny tetik'asa Lemurs Portal ny Pr Jonah Rastimbazafy, ka dia nanararaotra ny fankalazana hiantsoana tan-tsoroka ho an'ny tetik'asa. Tao anatin'ny dimy taona, ny Lemurs portal dia nametraka tambatra tahirin-kevitra, ka mandray anjara lehibe amin'ny fiarovana sy fikarohana momban'ny varika. Io antso io dia nohamafisin'ny Tale mpanatanteraka ao amin'ny FAPBM, Alain Liva Raharijaona : "Zao no fotoana mety. Antso ho an'ireo mpitia zava-boahary sy indrindra ireo mpankafy varika, andeha Madagasikara atao paradisa ho an'ireo varika". Rohin'ny lanonana : https://fb.watch/4o3tar66Y9/


## BENEFICIEZ DE NOS AUTRES INSTRUMENTS DE FINANCEMENT

Pour en savoir plus, contactez-nous

FONDS
D'APPUI AU RENFORCEMENT DE CAPACITES DES NAP



FONDS
D'INTERVENTION SPECIALE

